**DISCOURS DU DIRECTEUR GENERAL DU BIANCO**
**Inauguration du nouveau bâtiment**
**pour siège et Direction Générale du BIANCO**
**Ambohibao, 21 juin 2019**

**Atoa Praiminisitra lehiben'ny Governemanta, sy ianareo mpikambana ao amin'ny governemanta**

**Ianareo rehetra olo-mana-kaja nasaina araky ny sata sy ny fenitra manadrify anareo tsirairay avy,**

**Ianareo rehetra namana mpiaray ombiantoka @ ady @ kolikoly**

**Ianareo mpiara-miasa eto anivon'ny Bianco**

**Tompokolahy sy tompokovavy hajaina,**

Ny voalohan-teniko dia ny fisaorana an'Andriamanitra izay nitondra sy nitantana antsika tamin'izay rehetra natao ka nahafahantsika manana sy miara mizara izao fotoana izao.

Ny fanambinany ihany koa no hahafahantsika manana sy mitokana izao trano vaovao an'ny BIANCO izao.

Manaraka izany dia tsy ho hay ny tsy hisaotra anareo rehetra tonga nanome voninahitra izao lanonam-pitokanana izao.

Singanina amin'izany ianao Atoa Praiministra izay fantatra loatra ny hahasarobidin'ny fotoananao sy ny adidy iantsorohanao eto amin'ny firenena kanefa nanaiky ianao hanome voninahitra izao lalonana izao, izay manamarika indrindra ny finiavana misy ao aminao sy ny gouvernemanta taritinao @ ady @ kolikoly sy ny tsy maty manota. Vao tsy misy 2 herinadro tokoa mantsy izay ny nanotronanao anay t@ fahafampatarana t@ fomba ofisialy ny fitaovana fitorohanan miafina ny kolikoly atao hoe i-toroka, dia izao inao dia eto anilanay sahady. Hery lehibe sy famporisihina ary fankaherezana anay rehetra miady @ kolikoly izany . Koa Misaotra sy mankasitraka Atoa Praiministra!

Tompokolahy sy tompokovavy,

Andro lehibe manan-tantara ho an'ny firenena sy ho an'ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara ity andro anio ity.

Andro lehibe eo amin'ny tantaran'ny firenentsika tokoa satria andro ahafahana mitokana foto-drafitr'asa goavana sy vaovao ho an'ny ady amin'ny kolikoly eto @ firenetsika.

Ity tokanantsika anio ity tokoa mantsy no foto-drafitr'asa goavana sy lafo vidy indrindra namboarina manokana ho an'ny ady atao amin'ny kolikoly teto Madagasikara.

Ny tiana ambara dia tsotra ihany: Mandroso ny ady amin'ny kolikoly, misy ary azo tsapain-tanana ny finiavana ara- politika hiady amin'ny kolikoly eto @ firenentsika.

Isan'ny masotsivana handrefesana izany finiavana izany tokoa mantsy ny fananan'ny rafitra miady @ kolikoly foto-drafitrasa lehibe sy manarapenitra toa izao.

Tompokolahy sy tompokovavy hajaina,

Araky ny efa fantatrareo dia mamaraparana ny fe-potoam-piasako eto anivon'ny BIANCO tokoa ny tenako ary efa miomana hampita ny andraikitro amin'ny Tale Jeneraly vaovao izay hitantana ny birao hoan'ny dimy taona manaraka.

Hiditra @ 5 taona faharoa hampiarana ny paikadimpirenena hiadiana @ kolikoly isika @ taona ho avy. Dingana izay hampandehana @ fomba haingana sy mahomby ireo rafitra rehetra napetra nandritra ny 5 taona voalohany, ary ny tanjona @ izany dia hanala an'I Madagasikara @ vahoan'ny kolikoly @ taona 2025.

Noho izany na dia betsaka aza no vita izay tsy hary voatanisa eto daholo, dia mbola maro ny ezaka mbola miandry. Mino sy manantena anefa aho fa mbola ho eo daholo ianareo rehetra hanome Tanana sy hiarahiantsoroka amin'ny Bianco @ ady @ kolikoly izay sahanininy ary hitohy hanampy ny olona izay hadimby toerana ahy.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Mamela ahy ianareo, hanararaotra izao fotoana izao hanehoako fisaorana sy fankasitrahana anareo rehetra t@ fanampiana sy fiombonanm-po tamiko nandritra ny fotoana nisahanako ny andraikitra maha Tale Jeneraly ny Bianco. Singaniko manoka ireo mpiara-miasa rehetra ato @ Bianco izay nanao ny ainy tsy ho zavatra ka nametraka ny Bianco @ toerana misy azy ankehitriny. Sitraka

enti-matory tompoko ka Andriamanitra ilay Nahary no hamaly soa anareo tsirairay avy.

Misaotra tompokolahy, mankasitraka tompokovavy.

Mamélà ahy ianareo hanohy ny lahateniko amin’ny teny vahiny ho fanajana sy fankasitrahana ihany koa ireto namantsika sy mpiara-miombon’antoka tonga maro eto anio izay anisan’ny angady nananana sy vy nahitana an’ity tranobe tokanantsika ity.